



INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



FAMINTINANA IREO VAOVAO NISONGADINA NANDRITRA NY HERINANDRO TETO ANTANANARIVO SY TANY AMIN'NY FARITRA 29 JANOARY – 4 FEBROARY 2016

Ity tatitra ity dia famintinana amin'ny teny malagasy ireo tsara ho marihina mikasika ny fomba iresahan'ireo mpanao gazety any amin'ny faritra ireo vaovao nanamarika ny herinandro. Natao indrindra izany mba hahafahana mamantatra raha anisan'ireo izay mikendry ny fametrahana ny fampihavanana na kosa amin'ireo izay mandrangitra fikorontanana ny mpanao gazety, ka amin'ny alalan'ny fomba fiteniny sy ny fomba fiasany no amaritana izany. Ity tatitra ity ihany koa dia manampy amin'ny fanarahana akaiky ireo endrika korontana samihafa manerana ny nosy taterin'ny haino vaky jery.

POLITIKA ANATINY

FANENDRENA LOHOLONA

Araka ny efa nandrindrain'ny maro dia ny voalohan'ny volana febroary teo no namoaka ny anaran'ireo loholona iraka ambin'ny roapolo hanatevin-daharana ireo roa ambin'ny efa-polo voafidy tamin'ny volana desambra farany teo ny Filohampirenena Hery Rajaonarimampianina. Olona tsy vaovao intsony amin'ny fanaovana politika ny ankamaroan'izy ireo : ao ireo efa nitana ny andraikitra ny minisitra, misy no mpikambana tao amin'ny kongresin'ny tetezamita teo aloha na koa efa loholona, misy mpandraharaha ara-toekarena vitsivitsy ihany koa amin'ireto olom-boatendry ireto. Ny talata ho avy izao no hivory voalohany ny mpikambana ao amin'ny antenimieran-dolona ka ny fametrahana ny birao maharitra sy ny fandanianana ny fitsipika anaty no hifantohan'izany fihaonana izany. Raha atao bango tokana ny hevitra voaangona teny amin'ny haino vaky jery dia « ny tonta ihany no navadibadiky ny Filoha. »

Nanaovan'ny VIVA fanadihadiana manokana mihitsy ity fanendrena ity. Tao anatin'ny fanadihadiany voalohany ary no nilazalazany ny mombamomba ireo loholona voatendry tsirairay avy. Na dia efa nahazo ny maro an'isa tamin'ny fanaovana tsindry ireo mpifidy vaventy aza ny antoko eo amin'ny fitondrana, hoy ny VIVA dia mbola tsy nisokatra tamin'ny ankolafy politika hafa ihany. Nisy ihany koa ny fakan-kevitra nataon'ity fahitalavitra ity. Niombom-peo ny mpanao gazety Jeannot Ramambazafy sy ny filohan'ny antoko Avana, andriamatoa Jean Louis Robinson fa tsy hitondra fahamarinan-toerana politika sy fitoniana velively ny fanendrena ireo loholona vaovao ireo. Raha ny fahitan'i Jeannot Ramambazafy azy aza dia mety hiteraka korontana sy adim-poko izany satria dia enina amin'ireo iraka ambin'ny roapolo ireo dia olona avy eto afovoan-tany avokoa. Nazava kosa ny tenin'ny filoha mpanorina ny Avana fa tsy tokony handray tambin-karama ny mpikambana ao amin'ny Antenimieran-doholona mba hamenoana ny kitapom-bolam-panjakana ary mba hampiasaina amina asa mivantana ho an'ny vahoaka ny vola tokony homena azy ireo.

Ho an'ny Free FM kosa dia nanamoramora fiainana ny Filohampirenena raha nanendry azy iraka ambin'ny roapolo mianadahy mianaka satria dia izy rehetra ireo dia olona tsy hanozongona ny fahefany. Midika izany fa voafehiny amin'ny 98% ny Antenimieran-doholona hany ka mihevitra izy fa manana fahamarinan-toerana ara-politika. Raha ny hevitr'ireo izay niditra mivantana tamin'ny alalan'ny antso an-tariby indray dia nilaza ny ankamaroany fa tsy misy olom-baovao mihitsy ireo

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



lohohona voatendry. Ao aza moa ny nanoso-kevitra fa tokony hiala amin'ny maha Filohampirenena azy Andriamatoa Hery Rajaonarimampianina fa mamarina ny firenena sy ny vahoaka any an-kady.

Mifanohitra tanteraka amin'ny foto-kevitra ijoroan'ny fampihavanam-pirenena kosa ny fahitan'ny **KOLO TV** an'ilay fanendrena. Tsy hahanteraka ny andraikitra andrasana aminy akory ity Antenimieran-doholona ity hoy ny mpanao gazetin'ny **KOLO TV** satria dia eo ambany vahohon'ny Filohampirenena tanteraka. Ankoatra izay dia sarotsarotra ihany ny hiarahany miasa amin'ny Antenimierampirenena noho ny loko politika.

TOE-KARENA SY SOSIALY

HANOANANA ANY ATSIMON'NY NOSY

Araka ny tatitra avy amin'ny Birao Misahana ny Loza Voajanahary (BNGRC) dia tafakatra 700 000 ny isan'ireo olona ianjadian'ny hanoanana any atsimo. Tsy mbola nisy kosa ny namoy ny ainy araka ny fanamarihana. Nametraka paik'ady hiadiana amin'ny hanoanana sy ho fanampiana ireo tra-boina ary ny BNGRC ka nisy ny fananganana kaomisionina efatra hisahana izany izay ivondronan'ny manam-pahefana isan-tokony. Hisy ny fihaonan'ireo mpikambana ny faha 18 sy faha 19n'ny volana febroary izao mba hiarahana mametraka paik'ady fohy, antonony ary lavitr'ezaka. Ho vahaolana vonjimaika anefa dia misy vola mitentina 13 tapitrisa miliara ariary sy kojakoja ilaina andavanandro halefa any atsimo. Ny ministeran'ny fanabeazam-pirenena moa no mandray an-tanana ny fanangonana sy ny fandefasana izany fanampiana izany satria dia maro tokoa ireo ankizy no nitsoaka an-daharana tsy mankany an-tsekoly intsony vokatry ny hanoanana. Nitondra fanampiana ihany koa ny PAM, ny UNICEF ary any Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana Ara-tsosialy ary ny Fampiroboroana ny Vehivavy.

Raha nanontanian'ny mpanao gazetin'ny **TV PLUS** ilay manam-pahaizana manokana amin'ny tsy fanjarian-tsakafo ao amin'ny **FAO**, ny profesora Cheik M. K. Dehah dia nilaza fa ny fahavononana ara-politika mihitsy no tsy misy ka tsy ahafahana mamongotra tanteraka ity Izava-doza ity eto Madagasikara. Tokony mametraka politika mazava araka izany ny Malagasy satria dia tamin'ny 2004 no nanana izany farany. Raha araka ny fanamarihan'ity manam-pahaizana manokana ity dia 50% ny tahan'ny tsy fanjarian-tsakafo eto Madagasikara.

Tamin'ny volana oktobra 2015 no nisy orana farany tany atsimo hoy ny fanambaran'ny lohohon'ny Hery Vaovao ho an'i Madagasikara voafidy tao Toliary Mamitiana Fabergé teo amin'ny fandraisam-peon'ny **RADIO ANTSIVA**. Notsindriany kosa anefa fa tsaho tiana haely fotsiny izany hoe nisy olona matin'ny kere izany. Mbola tao amin'ity fampielezam-peo ity ihany koa no nanazava ny maha samy hafa ny antsoina hoe kere sy ny tsy fanjarian-tsakafo ny Tonia Lefitra eo anivon'ny BNGRC, ny Jeneraly Charles Rambolarison. Notsindriany ary fa tsy fanjarian-tsakafo no misy any atsimo fa tsy kere. Nanamafy izany rahateo ny Lehiben'ny Faritra Atsimo Andrefana, Jules Rabe. Nanakiana mafy ny tsy fandraisana andraikitra ny mpitondra fanjakana kosa ny mpihainio niditra mivantana tao amin'ny **RADIO ANTSIVA**, "Ilaozan'izy ireo mametraka Antenimieran-doholona sy manomana ny fandraisana ny Fihaonana Antampon'ny Tany Mampiasa amin'ny Ampahany na Manontolo ny Teny Frantsay, nefa ny vahoaka noana!".

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



*Hafa noho izany mihitsy no fahitan'ny **Free FM** ny toe-draharaha. Nolazainy ary fa mbola somokitra mitady voambolana mety tsara hilazany ny zava-mitranga any atsimo ny tompon'andraikitra. "Maninona raha raisina fotsiny hoe matin'ny hanoanana ny olona any dia ampny izay hametrahana tetik'ady hamongorana izany?"*

*Araka ny re tao amin'ny **TV VARATRAZA** dia nandray anjara mavitrika tamin'ilay fifanomezantanana nokarakarain'ny ministeran'ny Fanabeazam-pirenena ny mpianatra sy mpampianatra ato amin'ny fari-piadidiam-pampianarana Antsiranana ny 29 janoary lasa teo. Ny **BNGRC** no niandraikitra ny fampiakarana izay voaangona taty an-drenivohitra.*

TONDRA-DRANO ANY AVARATRY NY NOSY

Mifanohitra tanteraka amin'izany kosa ny olan'ny any avaratry ny Nosy satria dia dibo-drano tanteraka ny tanàna maro any. Efa ho herinandro izao no tapaka ny lalana mampitohy an'Ambilobe amin'Ambanja. Tsy afaka mandeha mihitsy ny fiara fa tsy maintsy afindra ny mpandeha. Raha vita tao anatin'ny efatra ambin'ny roapolo ora Antananarivo-Antsiranana teo aloha, dia mihoatra ny ray andro sy tapany izany ankehitriny hany ka mimenomenona ny mpampiasa iny lalana iny. Nampahafantatra ary ny ministeran'ny Asa Vaventy fa efa misy ny vahaolona ary hanampy amin'ny fanavaozana sy ny fanatsarana ny lalana ny Vondrona Eoropeanina.

*Nifantoka betsaka tamin'ity zava-mitranga any avaratry ny Nosy ity ny haino aman-jerim-panjakana. Nosoritan'ny **RNM** ary fa efa mandray an-tanana ny raharaha ny **BNGRC**. Nisy moa ny fanampiana nomen'ny **UNICEF** ho fitiliana ny fiatraikan'ny fahavoazana, ka irony fitaovana fakana sary afaka misidina (drone) irony no natolony tamin'izany.*

*Ny **VIVA TV** Mahajanga ihany koa dia nilaza fa tapaka ny lalana mankany Ambato Boeny. Mijanona eo amin'ny kaominina Ankijabe ny fiarakodia fa tsy azo aleha intsony ny telo ambin'ny telopolo kilometatra mihazo izany distrika izany. Voatery mandeha tongotra arak'izany izay mikasa ho any.*

HALA-JAZA ANY FIANARANTSOA

Mampisavorovoro ny sain'ny mponin'i Fianarantsoa tato ho ato ny fisiana mpangala-jaza mihaodihaody ao an-tanàna. Resaka halatra taova no voalaza fa fototry ny raharaha, ary dia tsy niresaka afa-tsy izany ireo izay niditra mivantana tao amin'ny fandaharana Antsihitany tao amin'ny **RADIO TSIRY**. Nilaina mihitsy ny fandalovan'ny Kaomisera Marotamby Roger tao amin'ny **TVT** nampitony sy ny nanome toky ny vahoaka fa efa mandray andraikitra ny mpitandro filaminana raha sanatria ka tena misy tokoa izany. Tao amin'ny **RTV SOAFIA** sy **RADIO TSIRY** kosa no nampahafantatra ny lehiben'ny Fari-piadidiam-pampianarana fa tsy mbola nisy aloha hatreto sekoly nanamarina fa tena nisy zaza very tao aminy. Manoloana izany dia namehy ny **TNTV** fa toa tsaho entina hanozongozonana ny fitondrana ankehitriny fotsiny ity resaka hala-jaza sy halatra taova ity.

TSY FANDRIAMPAHALEMANA ANY TOLIARY

Nisahotaka ny tao an-tanan'Ilakaka raha ny tatitry ny **TV PLUS** ny 3 febroary lasa teo. Nisy dahalo lavon'ny mpitandro filaminana iray volana lasa izay tao amina tanàna iray dimy kilometatra miala an'Ilakaka. Nanafika tompon'omby izy sy ny namany tamin'izany ka sady nandroba no nandoro

Leader du Consortium

Membres du Consortium





INCIPALS

Initiative Citoyenne pour la Consolidation de la Paix,
Leadership et Stabilité



tranon'olona vitsivitsy. Niverina namaly faty ny namany ary ireo dahalo ka raikitra indray ny fifanandrinana teo amin'izy ireo sy ny mponina tao an-toerana izay efa nanampo sy niandry azy ireo ka telo ambin'ny folo no isan'ireo namoy ny aina, iraika ambin'ny folo dahalo ary mponina teo an-toerana kosa ny roa ambiny.

FOMBA FAMPITAM-BAOVAO

Nifantoka betsaka tamin'ny fitsidihan'ny Filohampirenena tany Avaratry ny Nosy ny **TV PLUS** tamin'ny herinandro lasa iny. Namangy sy ny nitondra fanampiana ho an'ireo vahoakan'i Mampikony izy tamin'izany. Araka ny tatitra voaray dia an'arivony ireo trano rava, 3 987 ha ireo tanimbary sy tanimboly dibo-drano, ary 12 774 no isan'ny tra-boina. Nilaza moa ny Lehiben'ny Faritra Sofia fa ny habetsahan'ny ranon'orana ka nampiakatra ireo renirano no tena fototr'izao fahavoazana izao. Ny mponina kosa dia ny hoe fara andro no ambeti-teniny. Tsy nampivoitra afa-tsy ny lafiratsin'ity fitsidihana ity moa ny **TV PLUS**.

Responsables de l'Unité de Monitoring des Médias :

Tiaray RANDRIAMALALA: tiaray.randriamalala@eces.eu
Mirana RAZAFINDRAZAKA: mirana.razafindrazaka@eces.eu
Honorine RAMISARIVELO : misa.ramisarivelo@eces.eu

Site web: www.incipals.eu

Leader du Consortium

Membres du Consortium

